



**De gauche à droite: Freddie Mahazoasy, Tinoka Roberto, Jean-Jacques Rabenirina, Mara Miarisy, Michelle Ratsivalaka, mpikambana ao amin'ny Komisaona politikan'ny Antenimierampirenena malagasy**



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

ANTENIMIERAMPIRENENA

**FANAMBARANA**

Tandindomin-doza ny maha tany tan-dalàna an’i Madagasikara raha ny fanapahan-kevitra navoakan’ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana tamin’ny Sabotsy lasa teo,

Natao tao anatin’ny hamehana ny fandraisana ny fanapahan-kevitra izay politika tanteraka fa tsy misy lafiny lalàna na kely aza, hita miharihary fa voabaikon’ny fitondrana mpanatanteraka araka izay maha-mety ny tombontsoany fotsiny ihany ny HCC, ka izy tokony natao hiaro ny Lalàm-panorenana indray no nanitsakitsaka azy tamin’ny fanirahany ny mpifanandrina hanao « pacte de responsabilité », andraikitra tsy tokony hosahaniny mihitsy.

Ny fanapahan-kevitra navoaka dia tsy mifanaraka amin’ny fiampangana nataon’ny solom-bavam-bahoaka, tsy mampanaja ny Lalàm-panorenana akory fa vao maika aza mamporisika sy manome alalàna feno ny filohan’ny Repoblika hanitsakitsaka sy handika izany lalana fototra izany.

Mitombona tanteraka eto ny ahiahinay tsy hihavanana amin’ny fisian’ny fanambatambazana samihafa natao ireo mpitsara avo momba ny lalàm-panorenana, na ny « suspicion légitime » ka niteraka fandavàna avy amin’izy ireo tsy hitsara araka ny lalàna na « déni de justice ». Noho izany dia raisinay solombavam-bahoaka ny fahefana nomen’ny Lalàm-panorenana anay hiampanga ny filohan’ny HCC noho ny fisian’izay fahadisoana teo am-panatanterahana ny asany izay araka ny andininy faha-133 ao amin’ny lalàm-panorenana, mba tsy hisian’ny tsy maty manota eto amin’ny tany sy ny fanjakana. Tafiditra ao anatin’izany indrindra no nahatonga anay hanangana « vaomiera hanao fanadihadiana » na « commission d’enquête parlementaire » mikasika ilay vola be 18 miliara Ariary izay mbola tsy mazava hatramin’izao ny nanome ny baiko hamoahana azy sy ny nampiasana ny vola.

Mazava ihany koa, fa tsy mitombona fa fanosoram-potaka anay solombavam-bahoaka ihany ny niampangana anay ho nanao hosoka tamin’ny latsa-bato na nandika ny paikady (procédures) tokony ho narahina, raha vao nambaran’ny HCC fa azo raisina na « recevable » ny fiampangana nataonay.

Manginy fotsiny, nibaribary loatra ny tsy fisian’ny mangarahara nandritra ny famoahana ny didim-pitsarana, izay mbola porofon’ny didy jadona iainan’ny firenena ankehitriny, tsy mba natao ampahibemaso fa an-kiafinafina, ary tsy mba

1

navoaka tamin'ny haino aman-jerim-panjakana mivantana ny fotoam-pitsarana kanefa dia zava-dehibe hiankinan'ny fiainam-pirenena mihitsy no nodinihana sy nandraisana fanapahan-kevitra.

Noho izany :

Ny solombavam-bahoakan'i Madagasikara, dia manao antso avo :

-Ho an'ny olom-pirenena tsara sitrapo rehetra, ny mpanao politika, ny fiarahamonim-pirenena, ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa tsy miankina rehetra, mba samy hiara-hientana hanohitra izao tsy fanarahan-dalàna goavana izao, sy ny antsojay amin'ny endriny samihafa izay mahazo ireo mahasahy mijoro ankehitriny, tahaka ny mpiasan'ny Air Mad, ny mpiasan'ny fananan-tany, sns… Ny tao-trano tsy efan'irery, ary ny fanajana sy ny fampanajana ny lalàna ihany no heverina fa hamoaka ny firenena amin'izao krizy miverimberina mahazo azy izao.

-Ho anareo foloalin-dahy (miaramila, zandary, polisy), mpitandro filaminana ianareo fa tsy hery famoretana, miaro ny vahoaka sy ny fananany ary ny andrim-panjakana mahefa no adidinareo, fa tsy hampanaovina asa fampihorohoroana sy fandikana lalàna ary herisetra tahaka ny nitranga teny Namontana ny alatsinainy 08 jona 2015, ny natao tamin'ireo mpiasa mitokona mampiasa ny zo sindikaly, natomboka tamin'ny mpampianatra FRAM, ny mpiasan'ny tahirim-bolam-panjakana, ny mpiasan'ny Air Mad sy mbola kasaina hatao koa amin'ny mpiasan'ny fananan-tany. Izahay solombavam-bahoaka ihany koa dia andrim-panjakana mahefa mijoro ara-dalàna tokony harovanareo.

Ary ho anareo fianakaviam-be iraisam-pirenena sy firenena vahiny mpiara-miasa amin'i Madagasikara, raisinay ho vavolombelona amin'ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona sy ny demokrasia ary ny tany tan-dalàna izay miseho lany eto amin'ny firenena ianareo, ka asainay mba handray ny andraikitra tandrify anareo.

Fehiny,

Mampanantena antsika vahoaka malagasy izahay solombavam-bahoaka amin'ny maha-solotenanareo vahoaka anay, fa haneho firaisan-kina tanteraka amin'ny maha-mpanao lalàna anay, hijoro sy hanaraka ny lalàna velona eto amin'ny firenena, indrindra ny Lalàm-panorenana.

Izao fanambarana izao dia toy ny tatitra ataonay aminareo vahoaka andriamanjaka lehibenay, ary ho tonga amin'ny distrika naha-voafidy anay tsirairay avy hanazavana ny tsy maha-ara-drariny izao didy mamohehatra, fanitsakitsahana ny Lalàm-panorenana nataon'ny Fitsaran Avo momba ny Lalàm-panorenana izao.

Natao teto Antananarivo, androany 16 jona 2015.

**Article 133 de la Constitution de la IVè République de Madagascar**

Les présidents des assemblées parlementaires, le Premier ministre, les autres membres du Gouvernement et le président de la Haute Cour constitutionnelle sont pénalement responsables, devant la Haute Cour de justice, des actes accomplis liés à l'exercice de leurs fonctions et qualifiés de crimes ou délits au moment où ils ont été commis.

Ils peuvent être mis en accusation par l'Assemblée nationale statuant au scrutin public à la majorité absolue de ses membres.

L'initiative de la poursuite émane du Procureur Général de la Cour suprême.